| Voromailala fitaterana | | Date de création : 15/06/2016 |
|---|---|---|
| Page : N°01. / 04/ 2025...... | | Dernier mise à jour: 06/01/2021 |
| | | Date: 26/04/2025 |
| Réunion | | Heure début : 14H |
| Formation | | Heure fin : 16H |
| Communication | | Durée : 2H |
| TBT | TAZOMOKA | |

Localité: AMBANJA

| Nom et prénoms | Fonctions | Distributeur | Date | Heure Début: | Heure Fin: | Signature | Participation 1 | Participation 0 | Compréhension 1 | Compréhension 0 |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| DIDIER | CHFF | GALANA | 26/04/2025 | 14H | 14H 30 | [signature] | X | | x | |
| GERSHON | CHFF | JOVENA | 26/04/2025 | 14 H 30 | 15H | [signature] | X | | x | |
| ELIOT | CHFF | TOTAL | 26/04/2025 | 15H | 15H 30 | [signature] | X | | x | |
| ARSON | CHFF | GALANA | 26/04/2025 | 15 H 30 | 16H | [signature] | X | | x | |
| MANU | RSP | | | | | [signature] | X | | x | |
| | | | | | | | | | | |

**I-Izao no azonao atao raha be tazo any amin'ny faritra misy anao:**

- Mampiasà lay rehefa matory.
- Ary ny lay dia tokony....
  - hisy ody moka.
  - tsy hisy loaka na tataka.
- hasisika tsara ao ambany kidoro.
- Asio ody moka ao an-tranonao .
- Raha azo atao, dia asio an'ireny aromoka makarakara ireny ny varavarana sy ny varavarankely. Mampiasà vantilatera, amin'izay tsy tafapetraka mihitsy ny moka.
- Manaova akanjo maivana maharakotra tsara ny vatanao.
- Halaviro ny toerana misy lobolobo satria be moka eny. Aza mankeny amin'ny toerana misy rano mihandrona koa fa amin'ireny izy no manatody.
- Tsaboy haingana ny tazo raha vao tratra ianao.

**II-Izao indray atao raha mikasa ho any amin'ny toerana iray be tazo ianao:**

- Mitadiava fanazavana farany momba an'ilay toerana, alohan'ny handehananao any. Mety tsy hitovy mantsy ny karazana moka mpitondra tazo any amin'ny toerana tsirairay, dia arakaraka izay ny fanafody mahasitrana an'ilay aretina. Anontanio an'ilay dokotera mpitsabo anao koa izay tokony ho fantatrao momba ny toe-batanao.
- Araho ireo tari-dalana nomena teṙy aloha momba ny faritra be tazo, rehefa any an-toerana ianao.
- Manaraha fitsaboana avy hatrany raha voan'ny tazo ianao.

**III- Raha mipetraka any amin'ny faritra be tazo ianao, na vao avy tany, dia manaova zavatra haingana raha vao miseho ireto soritr'aretina ireto:**

- Manavy
- Tsemboka
- Mangovitra
- Marary andoha
- Manakotsako ny vatana
- Reraka be
- Misalebolebo
- Mandoa
- Mivalana

Responsable partage:......... MANU

*Signature:*.........[signature].........